Aza mifampialona ianareo, aza mifanongom-barotra amin'ny lavanty raha tsy hividy, aza mifankahala, aza mifanome lamosina, aza mivarotra handravana ny varotry ny hafa (raha efa nifanaraka ny mpividy sy ny mpivarotra amin'ny entana sy ny vidiny); fa meteza ianareo ho mpanompo an'I Allah mpirahalahy

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : Aza mifampialona ianareo, aza mifanongom-barotra amin'ny lavanty raha tsy hividy, aza mifankahala, aza mifanome lamosina, aza mivarotra handravana ny varotry ny hafa (raha efa nifanaraka ny mpividy sy ny mpivarotra amin'ny entana sy ny vidiny); fa meteza ianareo ho mpanompo an'I Allah mpirahalahy. Ny mpino silamo dia rahalahin'ny mpino silamo namany; ka tsy anaovany ny tsy rariny izy, tsy avelany irery (rehefa mila azy), tsy andaingany, tsy ambanimbaniny. Ny fahatahorana an'I Allah dia ato, naveriny intelo izany, sady manondro ny fony izy miteny azy. Ampy mampiseho ny haratsiam-panahin'olona iray ny fanambaniany ny rahalahiny mpino silamo. Ny rehetra mikasika ny mpino silamo dia fady avokoa, tsy azon'ny mpino silamo kasikasihina : ny rànу (ainy) sy ny fananany ary ny haja amam-boninahiny.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanoro hevitra ny silamo hanao soa amin'ny rahalahiny silamo ny Mpaminany (S.A.W) ary nanazava ny sasany amin'ireo adidy sy fahalalam-pomba tsy maintsy ataony amin'izy ireo. Anisan'izany ny : Ny didy voalohany : Aza mialona amin'ny alàlan'ny fanirina ny hanjavonan’ny fahasoavan’ny sasany. Faharoa : Aza miady hevitra amin'ny alàlan'ny fampiakarana ny vidin'ny entana nefa izy tsy te hividy izany. Fa te hanasoa ny mpivarotra kosa izy, na hanisy ratsy ny mpividy. Ny fahatelo : Aza mifankahala, izany dia faniriana hanisy ratsy sy mifanohitra amin’ny fitiavana. Raha tsy hoe fankahalana noho Allah Tsitoha; Dia tsy maintsy atao izany. Ny fahefatra : Aza mifanome lamosina ianareo, izany dia fanomezana lamosiny ny rahalahiny avy eo dia misitaka azy. Ny fahadimy : Aza mivarotra ny entan'ny sasany amin'ny varotry ny sasany, izany dia amin'ny filazana amin'izay nividy entana iray: Manana zavatra mitovy aminy aho amin'ny vidiny ambany na tsara kokoa noho ny vidiny. Avy eo i Mpaminany (S.A.W) nanome didy feno hoe : Ary aoka ho tahaka ny mpirahalahy ianareo amin'ny fialana amin'ny fandrarana voalaza etsy ambony, ary amin'ny fanomezana fitiavana, fahalemem-panahy, fiantrana, fahamoram-panahy, ary fiaraha-miasa amin'ny hatsarana miaraka amin'ny fahadiovam-po, ary mifanome torohevitra amin'ny toe-javatra rehetra. Anisan’ny takin’ity firahalahiana ity ny : Tsy tokony hampahory ny rahalahiny silamo sy hamely azy izy. Tsy tokony hamela ny rahalahiny silamo ho voahitsakitsaka izy ary hamela azy hidina amin'ny toerana ahafahany manohana azy sy manala ny tsy rariny aminy.

Ary mba tsy hanao tsinontsinona azy, hevero ho mahaleo tena izy, ary fijerena azy amin'ny fijery fanamavoana sy ny fanambaniana; ary izany dia vokatry ny fanambonian-tena. Dia nanazava in-telo ny Mpaminany (S.A.W) fa ny fatahorana an'I Allah dia ao am-po, ary izay manam-patahorana ao am-pony izay mitaky toetra tsara, ny fahatahorana an'I Allah ary ny fitandremana Azy, dia tsy manao tsinontsinona ny silamo namany izy, ary ampy amin’ireo toetra ratsy sy faharatsian’ny fitondran-tena ny manao tsinontsinona ny rahalahiny silamo. Izany dia noho ny fanambonian-tena ao am-pony. Avy eo dia nanamafy ny Mpaminany (S.A.W) ny voalaza tetsy ambony fa ny zavatra rehetra voarara amin'ny mpino silamo amin'ny silamo hafa : ny ràny : amin'ny famelezana azy amin'ny famonoana na zavatra latsaka noho izany, toy ny fandrarana na kapoka sy ny toy izany, ary koa ny hareny : amin'ny fangalana azy tsy ara-drariny, ary toy izany koa ny voninahiny : amin'ny fanaratsiana azy amin'ny tenany na araka ny anarany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4706